## HAZAKAZAKA LAVITR'EZAKA

# Mety ho adin'ny samy Malagasy ny «Marathon International de Tana»

Tsy mbola fantatra mazava tsara na ho avy na tsia ireo atleta kenianina mianadahy, nampanantenain'ny Federasiona kenianina ho an'ny atletisma, handray anjara amin'ny fifaninanana hazakazaka lavitr'ezaka, «*Marathon international de Tana*», andiany faha-15. «*Tsy mbola nandefa ny anarana sy ny fotoana hahatongavan'izy ireo ny avy eo anivon'io federasiona io. Raha ny fandaharam-potoanan'ny sidina avy any Kenya dia amin'ny sabotsy no tokony ho avy izy ireo*», hoy Ratsirahonana Mercedès, tompon'andraikitra avy eo anivon'ny World Trade Center, mpikarakara ny hetsika.

Isan'ireo tena hifaninana eo amin'ny fandrombahana ny laharana voalohany ry Hajanirina Andriamparany (Cosfa), Jean de La Croix Rakotomalala (Crown Antsirabe) ary Mampitroatse (Cospn Boeny). Hoentina mamarana rahateo ny taom-pilalaovana 2015 ho an'ny Federasiona malagasin'ny atletisma ity hetsika ity ka hifanindran-dalana amin'ny fifaninanana iraisam-pirenena ny fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara eo amin'ny hazakazaka lavitr'ezaka.

R.A